INDRAY MIJERY

• **Omaly no nozarana kilalao sy sakafo ireo zaza zanaky ny sahirana mpikambana ao anatin'ny Les Enfants de la Rue.** Niarahan'ny fikambanana nisalahy tamin'ny Telma sy Hilton Madagascar ny asa fanasoavana notontosaina omaly. Miisa 300 mahery izy ireo amin'izao fotoana no mpikambana. Misy ankizy 30 mahery miandry ny valin'ny fangatahana hiditra ho mpikambana saingy ferana ihany no raisina noho ny lafin'ny fitantanana. Fampianarana ireo ankizy ireo no fototra ifaharan'ny fikambanana niorina tamin'ny taona 1997. Miparitaka manerana ny sekoly 50 eto Antananarivo ireo ankizy ireo izay vatsian'ny fikambanana manokana. Tafiditra ao anatin'ny hetsika fanaon'izy ireo isan-taona ity fanomezana fahafaham-po ny ankizy sahirana ity mandritra ny fetin'ny Noely.

• **Ho fanatratrarana ny tanjona dia ny hanomezana fanabeazana ho an'ny rehetra, misy ny ezaka manokana ataon'ny fanjakana malagasy.** Anisan'ny mpanohana ny tetikasa ny fanjakana norveziana, izany nanolotra vola mitentina 5 tapitrisa dolara hanaovana hetsika 4 : hanorenana efitrano fianarana miisa 218 amin'ny Epp 86, hanofanana ny fikambanan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra miisa 86, hanomezana asa olona miisa 420 mandritra ny 2 taona, hanofanana tompon'andraikitra teknika 110 amin'ny fanaraha-maso ny fananganana sekoly izay mahatanty rivodoza. Amin'ny Faritra 4 no hanaovana ny tetikasa rehetra : Anosy, Vatovavy Fitovinany, Atsinanana ary Androy. Ny Bit no mpanohana ara-teknika.

Tamin'ny taona 2001 no nanombohan'ny tetikasa *"Himo-Batiments"*, izay amin'ny andiany faharoa ankehitriny. Momba ny vokatra efa azo, efitrano fianarana 166 no naorina, asa 317 no natolotra nandritra ny 2 taona, fikambanan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra mahatratra 166 no voaofana momba ny fikojana ny asa vita.

Nanangona: Tsilo sy Vonjy